Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra



Ny Paradisa,
ilay tranon'
ANDRIAMANITRA
mahafinaritra
aok'izany

Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: Lazarus
Nampifanarahin'i: Sarah S.
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Raha mbola teto an-tany JESOA dia nilaza tamin'ireo mpianany ny amin'ny Paradisa. "Ny tranon'i Raiko", izany no fiantsony azy ary nambarany fa misy fitoerana maro any. Trano mahafinaritra sy malalaka izany. Ny paradisa dia sady tsara no lehibe sy malalaka mihoatra noho izay trano rehetra

misy eto ambonin'ny tany.

Hoy JESOA tamin'izany: "Handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho ary ho avy indray, haka anareo hiaraka amiko." Rehefa nitsangana tamin'ny maty JESOA dia lasa niverina ho any amin'ny Paradisa. Ary raha mbola niandrandra ny lanitra nijery Azy ny mpianany dia nisy rahona nanakona Azy ka tsy hitany intsony Izy.

Nanomboka hatreo dia tsaroan'ny kristiana hatrany ny fampanantenana nataon'i Jesoa fa ho avy indray Izy Haka azy ireo hiaraka Aminy. Nilaza anefa i Jesoa fa amin'ny fotoana tsy ampoizina no hihaviany indray. Fa mba ahoana kosa ny amin'ireo kristiana izay nodimandry talohan'izany fiverenan'i Jesoa izany?





Hoy ny Baiboly hoe
mankany an-danitra
avy hatrany izy ireo
ho eo anilan'i Jesoa.
Tsy maintsy ilaozana
ity nofontsika
ity hiarahana
mandrakizay amin'i
Jesoa Tompontsika.

Ny Apokalypsy, ilay boky farany ao amin'ny Baiboly, dia milaza fa ny Paradisa dia toerana mahafinaritra aok'izany. Fonenan'ANDRIAMANITRA mantsy ny Paradisa. Manerana an'izao rehetra izao ANDRIAMANITRA saingy any amin'ny Paradisa no misy ny seza fiandrianany.



Ireo Anjely sy ireo mponina hafa any an-danitra ary ireo olona efa maty ka nalain'ANDRIAMANITRA ho any aminy dia mihira fiderana ho an'ANDRIAMANITRA any am-Paradisa. Toy izao ny sasany amin'ireny hira fiderana ireny: "HIANAO NO MENDRIKA HO DERAINA INDRINDRA, FA VOAVONO HIANAO, ARY NY RANAO NO NANAVOTANAO, ...

... HO AN'ANDRIAMANITRA, IZAHAY OLONA AVY AMIN'NY FOKOM-PIRENENA REHETRA, SAMY HAFA FITENY, SAMY HAFA FIHAVIANA, SAMY HAFA FIRENENA." (Apokalypsy 5:9)

Mbola ilay boky farany ao amin'ny Baiboly ihany no milaza ny Paradisa ho "Jerosalema vaovao". Lehibe dia lehibe izany tanàna izany ary avo dia avo ny manda miaro azy.

Vita amin'ny vatosoa sarobidy izany manda izany ary manganohano toy ny kristaly.



Ny vato fototra nanaovana ny mandan'ny tanàna dia voaravaka vatosoa sarobidy isan-karazany amin'ny loko maro samy hafa. Vita tamin'ny vato perla tokana ihany ny vavahadin'ny tanàna rehetra!



Tsy mba akatona mihitsy ireo vavahady ireo. Andao ange hiditra e! Jereo ny manodidina fa tena tsy mampino...! Tena mbola tsara noho ny any ivelany ny ato anatin'ny Paradisa! Vita amin'ny volamena tsy misy fangarony ary manganohano toy ny vera ny tanàna manontolo. Na ny lalana aza vita amin'ny volamena!



Misy renirano madio aok'izany mivoaka avy amin'ny seza fiandrianan'ANDRIAMANITRA dia ony manome fiainana. Manamorona izany ony izany no misy ilay hazon'aina ilay hita tao amin'ny saha Edena. Hafa kely io hazo io satria dia manome voa 12 samy hafa ka voa karazany iray isam-bolana. Ny raviny kosa dia natao hanasitranana ny firenena rehetra.



Tsy mba mila fanazavana toy ny masoandro na volana ny Paradisa fa ny voninahitr'ANDRIAMANITRA no manazava azy ka tsy mba misy izany alina izany mihitsy any.



Na ny biby aza dia hafa mihitsy fa tsy mba misy izany masiaka izany any amin'ny Paradisa. Miara-monina sy miara-mihinana ny amboadia sy ny ondry. Na ireny liona matanjaka ireny aza dia miraoka vilona toy omby. Fa hoy ny Tompo hoe: "Ary tsy handratra na hanimba eran'ny tendrombohitro masina ireny."



Ary raha mijery ny manodidina isika dia hahatsikaritra fa misy ny zavatra tsy hita ao amin'ny Paradisa. Tsy mba handrenesana teny fahatezerena
any.



Tsy misy ady na fitiavan-tena. Tsy mila fanalahidy ny trano satria tsy misy mpangalatra any. Tsy misy mpandainga na mpamono olona na mpamosavy na olon-dratsy any amin'ny Paradisa. Tsy misy fahotana any.



Indraindray dia mitomany ny olon'ANDRIAMANITRA rehefa malahelo. Fa any amin'ny Paradisa dia tsy mba misy ranomaso satria efa nofafan'ANDRIAMANITRA ny ranomaso rehetra.

Tsy mba misy fahafatesana any amin'ny Paradisa. Eo anilan'ANDRIAMANITRA mandrakariva ny olony. Tsy misy alahelo any, na tomany na fanaintainana na aretina. Tsy misy intsony ny fisarahana na fandevenana fa dia fifaliana foana no hiarahan'ny olona amin' ANDRIAMANITRA mandrakizay.

Fa ny tena mahafinaritra dia ny Paradisa an! dia natao ho an'ny ankizy lahy sy vavy (fa hoan'ny lehibe koa an!) izay mankato an'i Jesoa Kristy sady manao ho Tompo sy Mpamonjy azy. Any amin'ny Paradisa any dia misy ilay boky antsoina hoe bokin'ny fiainana an'ny Zanak'ondry. Feno anarana ao anatin'izy io. Anaran'iza hoy ianao? Anaran'izay rehetra matoky an'ANDRIAMANITRA. Mba voasoratra ao anatin'ny bokin'ny fiainana ve ny anaranao?

Ireo teny farany ao amin'ny Baiboy momba ny Paradisa dia milaza izao fanasana manokana izao: "Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia! Ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia! Ary aoka ho avy izay mangetaheta; ary izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin'ny ranon'aina."



Ny Paradisa, ilay tranon'ANDRIAMANITRA
mahafinaritra aok'izany

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Jaona 14; 2 Korintiana 5;
Apokalypsy 4, 21, 22

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

60



60

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16